



## FANEKENA FAHA 3 AMIN'NY BATISA

« Ekenareo va ny hanatanterahan'ny Fiangonana amin'ity (ireto) zaza ity (ireto) ny fitaizana rehetra araka ny Filazantsara tokony hatao aminy mba hitomboany amin'ny fahalalana izao fahasoavan-dehibe raisiny avy amin'Andriamanitra izao sy hanekeny an'i Jesoa ho Tompo mba hahazoany hery handavany ny asan'ny Satana rehetra ? »

### FAMPIDIRANA

Araka ny efa nampianaranana antsika, tsy inona akory ny batisa fa fampidirana ny olona iray, araka ny fanekena vaovao, ho isan'ny zanak'Andriamanitra na ho isan'ny vahoakan'Andriamanitra. Rehefa tonga zanak'Andriamanitra izy, izany hoe nateraka indray, tonga zaza ara-panahy, dia mila fitaizana sy fanabeazana ara-panahy. Mila fitaizaina ara-panahy ny zaza ara-panahy mba ho tonga olon-dehibe ara-panahy, araka ny tenin'i Apostoly Paoly hoe :«... *ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy.* » (Efesiana 4:13). Aorian'ny batisa dia tena zava-dehibe ny fitaizana ara-panahin'ny olona iray. Ny ray aman-dreny na ny Fiangonana manao ambanin-javatra ny fitaizana ara-panahy dia tahaka ny ray aman-dreny manao antsirambina na tsy miraharana ny fikarakarana ny zanany raha vao teraka izy. Ny fahatsapan'ny Fiangonana ny maha zava-dehibe izany fitaizana ara-panahy ny olona vao teraka ara-panahy izany indrindra no nametrahana izao fanekena fahatelo amin'ny batisa izao : « Ekenareo va ny hanatanterahan'ny Fiangonana amin'ity zaza ity ny fitaizana rehetra araka ny Filazantsara tokony hatao aminy mba hitomboany amin'ny fahalalana izao fahasoavan-dehibe raisiny avy amin'Andriamanitra izao sy hanekeny an'i Jesoa ho Tompo mba hahazoany hery handavany ny asan'ny Satana rehetra ? »

Zavatra 3 no hojerentsika ao anatin'ny izao fampianarana fohy izao. Hojerentsika amin'ny voalohany aloha ny famaritana ny antsoina hoe « Fitaizana ». Amin'ny tapany faharoa indray isika

no handinika ny fitaizan'ny Fiangonana. Ao amin'ny fahatelo no hijerentsika ireo sehatra fitaizana ny kristiana. Ary amin'ny farany kosa no handalinantsika ireo tanjon'ny fitaizan'ny Fiangonana.

## FAMARITANA

Maro be ny famaritana azo atao mahakasika ny antsoina hoe « Fitaizana » na « Fanabeazana », izay nandikana ny teny frantsay hoe « Education ». Iray amin'ireny no horaisintsika. Ny fitaizana na ny « éducation » dia avy amin'ny teny latina hoe « educatio », izay avy amin'ny matoanteny (verbe) hoe « ducere », izay midika hoe mitarika na mitondra (conduire) ; sy avy amin'ny teny hoe « ex », midika hoe ivelan'ny (hors de). Ny fitaizana, araka izany, dia zavatra atao amin'ny zaza anankiray hitarihana azy hiala amin'ny toerana misy azy (stade) ka hahatonga azy hahavita tena irery araka izay azo atao. (*Il s'agit donc de l'art de faire en sorte qu'un enfant puisse sortir de chez lui pour se débrouiller dans le grand monde*) Ohatra : Fitaizana ara-nofo : raha mbola zaza ny olona dia mbola ny reniny no mamahana azy. Fa tezaina tsikelikely izy hiala amin'izany ka hahavita mamahana ny tenany samirery. Raha mbola kely izy dia trotroin'ny reniny fa mbola tsy mahavita mandeha. Fa tezaina tsikelikely izy hiala amin'izany ka ho tonga mahavita mandeha irery ary mahavita mihazakazaka mihitsy aza. Raha mbola kely izy dia tsy mahay miteny. Fa tezaina tsikelikely izy hiala amin'izany tsy fahaizana miteny izany ka ho tonga olona mahay miteny tsara ary hampianatra miteny mihitsy aza. Raha mbola kely izy dia tsy mahafantatra afa-tsy ny minono, matory, mitomany. Fa tezaina tsikelikely izy hiala amin'izany ka ho tonga mahay mitsiky, mihomehy, mamantatra zavatra hafa, ary tonga manam-pahaizana. Raha mbola kely izy dia tsy mahalala fomba. Fa tezaina tsikelikely izy hahalala fomba. Raha fintinina, ny tanjon'ny fitaizana dia ny hahatonga ny olona iray ho afaka hatrika ny fiainany manokana (*L'éducation permettra à une personne d'affronter sa vie personnelle*). Araka izany, dia azo lazaina mihitsy hoe fototry ny maha olombelona sy fototry ny fiaraha-monina ny fitaizana. Niforona mihitsy taty aoriana ny taranja mandinka manokana mikasika ny fataizana na ny fanabeazana izay atsoina hoe : Sciences de l'Education, izay mampiasa taranja (disciplines) maro toy ny sociologie, psychologie, biologie, économie, philosophie. .Samy nanana ny endriky ny fanabeazana nataony ny sivilizasiona nisy teto ambonin'ny tany. Na izany aza dia azo lazaina fa mizara 2 mazava tsara ny fitaizana na ny fanabeazana misy : Fitaizana voarindra na Education formelle (Ecole, Collège, Lycée, Université, associations) sy ny fitaizana tsy voarindra na éducation non formelle (Famille, société). Tafiditra ao anatin'ny éducation formelle ny Fiangonana. Izay tiantsika hojerena manokana sy mahaliana antsika dia ity farany : Ny fitaizan'ny Fiangonana.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatefahizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

## 1) NY FITAIZAN'NY FIANGONANA

Tao amin'ny Testamenta Taloha, raha tsy hijery afa-tsy izay hita ao amin'ny Bokin'ny Eksodosy, dia nitaiza ny vahokany Andriamanitra. Vao any amin'ny bokin'ny Genesisy, tamin'ny alalan'i Adama sy Eva, izay olombelona voalohany noforonin'Andriamanitra, dia efa nitaiza ny olombelona noforoniny Andriamanitra. Raha napetrany tao amin'ny saha Edena i Adama sy Eva, dia tsy navelan'Andriamanitra hanao izay tiany atao tao. Efa nitaiza ny lombelona sahady Andriamanitra ho olombelona manaraka lalàna. Nomena azy mivady ny fitsipi-dalao : « **Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao.** » (**Genesisy 2:16-17**) Ny famaizan'Andriamanitra an'i Adama sy Eva, noho ny tsy fanarahany ny Tenin'Andriamanitra dia anisan'ny fitaizan'Andriamanitra azy ireo. (**Genesisy 3**)

Raha nafahan'Andriamanitra tamin'ny fanandevozana 430 taona tany Egipta ny Zanak'Israely, dia nentiny tany anefitra (désert) nandritra ny 40 taona. 715 km no manelanelana an'i Egipta sy ny tany Kanana. Halaviran-dalana tokony ho vita 1 volana na 3 volana miaraka amin'ny biby sy ny zaza izany. Fa nahoana no 40 taona vao afaka tany ? Satria mbola nobeazina sy notezain'Andriamanitra ny vahokany. Ataon'ny vahoaka Jiosy izay zatra nandevozina nandritra ny 430 taona ahoana no avy hatrany dia hiaina ny fiainan'ny olon'afaka, no avy hatrany dia hitondra firenena ? Tsy maintsy nobeazina sy notezaina nandritra ny 40 taona aloha ny Zanak'Israely vao nomena ny tany Kanana. Araka izany, tena zava-dehibe amin'Andriamanitra ny fitaizana. Tahaka ny ray aman-dreny nitaiza sy nananatra ny zanany no nitondran'Andriamanitra ny Zanak'Israely tany anefitra. Hoy ny voalaza ao amin'ny **Deuteronomia 8,5** : « **Koa aoka ho fantatrao amin'ny fonao, fa tahaka ny fananaran'ny olona ny zanany no fananaran'i Jehovah Andriamanitrao anao.** » (« <sup>5</sup>*Comprenez donc bien que le Seigneur votre Dieu veut vous éduquer comme un père éduque son fils* »). Raha nanao ny « Commentaires du Deutéronome », i Norbert Lohfink, dia nanao fampianarana lava mitondra ny lohateny hoe : « *Dans le désert, Dieu éduque son peuple* » (Ed. du Cerf, Cahier Evangélique n° 140 (Juin 2007). Notezaina nandritra ny 40 taona tany anefitra aloha ny zanak'Israely mba hiala aminy tanteraka ny fisainana maha andevo, ny fanao maha andevo, ny fitondran-tena maha andevo. Notezaina mba hitondra tena tahaka ny olon'afaka (homme libre). Notaizana mba hankato ny olombelona notendren'Andriamanitra ho mpitarika azy ireo. Tsy iza moa

io fa i Mosesy, izay nodimbiasan'i Josoa. Notezaina mba hanaraka ny fitsipika sy ny lalàna nomen'Andriamanitra, dia nomen'Andriamanitra ny didy 10. Notezaina fa ny tsy fanekena hanaraka ny fitsipika napetrak'Andriamanitra dia ahazoana kapoka sy famaizana avy amin'Andriamanitra. Notezaina mba tsy hanompo afa-tsy Andriamanitra tokana, sns. Ny fitaizana nataon'Andriamanitra tany anefitra dia fitaizana mahasahana ny maha olombelona manontolo mihitsy : vatana, saina, fanahy. Tamin'ny alalan'ny mpanompony sy tamin'ny alalan'ny zavatra iainany andavan'andro no nentin'Andriamanitra nitaizana ny vahokany : hanoanana, fahavokisana, hetaheta, ady tamin'ny fahavalo, izay nahitana fandresena na faharesena arakarakaky ny toe-po amam-panahin'ny Zanak'Israely, tamin'ny alalan'ireo fahagagana maro. Hoy ny volaza ao amin'ny **Deuteronomia 8,3**: *« Dia nampanetry tena anao Izy ka namela anao ho noana, dia nanome anao ny mana hohaninao, izay tsy fantatrao na ny razanao, hampahafantarany anao fa tsy mofo ihany no iveloman'ny olona; fa izay rehetra aloaky ny vavan'i Jehovah no iveloman'ny olona. »* Izany no anisan'ny fomba (méthode) nentin'Andriamanitra nitaiza ny olony. Ny fitaizana natao tany anefitra dia fitaizana mitohy mandritra ny androm-piainana manontolo mihitsy. Tsy nijanona tany anefitra ihany mantsy ny fitaizana nataon'Andriamanitra fa nitohy hatrany amin'ny tany Kanana. Andriamanitra no mitaiza sy manabe ny olony fa fitaovana fotsiny ihany ry Mosesy sy ry Josoa. Nitohy tamin'ny alalan'ireo mpaminany maro isan'karazany nirahin'Andriamanitra ny fitaizany ny olony. Ohatra iray monja ny amin'ny fitaizan'Andriamanitra ny olony tamin'ny alalan'ireo mpaminany. Hoy ny teny nampitondrain'Andriamanitra tamin'i Jeremia mpaminany : *« <sup>28</sup>Ary toy ny niambenako azy hongotana sy hazera sy harodana sy horavana ary hampahorina, dia ho toy izany no hiambenako azy Haorina sy hambolena kosa, hoy Jehovah. <sup>29</sup>Amin'izany andro izany izy dia tsy hanao intsony hœ: ny ray no nihinana voaloboka maharikivy, ka ny nifin'ny zanany no madilo. <sup>30</sup>Fa ny olona rehetra samy ho fatin'ny helony avy; Izay rehetra homana ny voaloboka maharikivy. Dia izy ihany no hadilo nify. <sup>31</sup>Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hanaovako fanekena vaovao amin'ny taranak'Israely sy ny taranak'i Joda, <sup>32</sup>Nefa tsy araka ny fanekena nataoko tamin'ny razany tamin'ny andro nitantanako azy nitondra azy nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta; Fa izy ireny dia nivadika ny fanekeko, Nefa Izaho no vadiny, hoy Jehovah. <sup>33</sup>Fa izao no fanekena havoko amin'ny taranak'Israely. Rehefa afaka izany andro izany, hoy Jehovah: Dia hataoko ao an-tsainy ny lalàko sady hosoratako ao am-pony; Ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko. <sup>34</sup>Ary samy tsy hampianatra ny namany sy ny rahalahiny avy intsony izy hœ: Mahalalà an'i Jehovah; Fa samy hahalala Ahy avokoa izy rehetra. Hatramin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra, hoy Jehovah; Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony*

*ny fahotany.* » (Jeremia 31:28-34) Andriamanitra dia mitaiza sy mampianatra ny Zanak'Israely fa izay manota no handray ny valin'ny fahotany. Toy izany koa, tokony hahalala an'i Jehovah ny olona rehetra na ny kely na ny lehibe ary hahafantatra fa mpamela heloka Andriamanitra.

Ao amin'ny Testamenta vaovao dia tsy misy valaka amin'izany: mitaiza ny vahoakany Andriamanitra. Raha niantso ny 12 lahy i Jesoa dia nitaiza sy nampianatra ary namolavola azy ireo nandritra ny 3 taona. Mbola tsy tena nahafantatra marina izy ireo raha vao niantso azy i Jesoa. Tamin'ny alalan'ny fampianarana sy ireo fahagagana maro nataon'ny Tompo no nahafantaran'ireo Apostoly sy mpianatra maro marina an'i Jesoa. Taty aoriana dia te hahafantatra i Jesoa hoe hatraiza marina moa ny fahafantaran'ireo mpianany ireo Azy. Hoy ny resaka nifanaovan'i Jesoa tamin'ireo mpianany : « <sup>13</sup>*Ary rehefa tonga tany amin'ny faritanin'i Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ny mpianany Izy ka nanao hœ: Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona?* <sup>14</sup>*Dia hoy ireo: Hoy ny sasany: Jaona Mpanao-batisa; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany.* <sup>15</sup>*Ary hoy Jesosy taminy: Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza?* <sup>16</sup>*Ary namaly Simona Petera ka nanao hœ: Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.* <sup>17</sup>*Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hœ: Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra.* » (Matio 16:13-17) Taorian'ny fanabeazana sy fampianarana nataon'i Jesoa azy ireo nandritra ny fotoana maromaro, dia nanao karazana "test" na "examen" ny mpianany i Jesoa. Azo lazaina fa afa-po tamin'ny valin-tenin'i Petera i Jesoa eto. Nahazo naoty 10/10 matoa Izy niteny hoe : « *Sambatra ianao ry Simona Bar-Jona* ». Tsy tamin'ny alalan'ny "théorie" fotsiny no nentin'i Jesoa nitaiza ireto mpianany ireto fa tamin'ny alalan'ny zavatra niainana mivantana mihitsy (expériences vécues). Tsy mila mandray antsoratra fa avy hatrany dia miaina ilay fampianarana sy fanabeazana. Ary hita fa tena mahomby ny "méthode". Hitan'ny masonry sy notsapain'ny tanany ny herin'Andriamanitra tao amin'i Jesoa. Ny fanasitranana ireo aretina maro : ny jamba nahiratra, ny moana niteny, ny marenina nandre, ny malemy nitsangana, ny devoly nivoaka, ny maty nitsangana. Ireny rehetra ireny dia nentin'i Jesoa namolavolana sy nitaizana ireo mpanara-dia Azy ireto fa Izy tokoa no Ilay Mesia, Ilay nambaran'ireo mpaminany fahizay. Izy no tompon'ny hery sy ny fahefana. Ary izao ataon'i Jesoa izao no hataon'izy ireo rahatrizay ka tsy eo intsony i Jesoa.

Nahomby sa tsy nahomby ny fanabeazana sy ny fampianarana ? Te hamantatra an'izany i Jesoa ka nirahany ireo mpianatra ireo hitory sy hamoaka devoly. Azo lazaina mihitsy hoe karazana "stage" no nataon'ireto mpianany ireto. Hoy ny voasoratra ao amin'ny **Marka 6, 7-13**: « <sup>7</sup>*Ary niantso ny roa*



*ambin'ny folo lahy hankeo aminy Izy ka naniraka azy tsiroaroa sy nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto.* <sup>8</sup>*Ary nandrara azy Izy mba tsy hitondra zavatra ho any amin'ny halehany, na hanina, na kitapo, na vola\* ao amin'ny fehin-kibony, afa-tsy tehina ihany.* <sup>9</sup>*Fa asio kapa ny tongotrareo; ary aza mitondra akanjo roa.* <sup>10</sup>*Ary hoy koa Izy taminy: Izay trano hidiranareo, dia mitœra ao mandra-pialanareo any.* <sup>11</sup>*Ary izay tanàna tsy hampandroso anareo, na tsy hihaino anareo, raha miala ianareo, dia ahintsano ny vovoka ao am-paladianareo ho vavolombelona aminy.* <sup>12</sup>*Dia lasa nandeha izy ireo ka nitory fa tokony hibebaka ny olona.* <sup>13</sup>*Ary demonia maro no navoakany; ary nohosorany diloilo ny marary maro ka nositraniny.* » Karazana fanabeazana nataon'i Jesoa tamin'ireo 12 lahy izany. Ary tsy izany ihany fa nampanaoviny karazana "stage" koa ny 70 lahy : « <sup>1</sup>*Ary nony afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany.* <sup>2</sup>*Ary hoy Izy taminy: Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehany mpiasa hamory ny vokatra.* <sup>3</sup>*Mandehana; indro, Izaho maniraka anareo tahaka ny zanak'ondry eo ampovoan'ny amboadia.* <sup>4</sup>*Aza mitondra kitapom-bola, na kitapom-batsy, na kapa; ary aza miarahaba olona akory eny an-dalana.* <sup>5</sup>*Ary izay trano idiranareo, dia lazao aloha hœ: Fiadanana ho amin'ity trano ity.* <sup>6</sup>*Ary raha misy zanaky ny fiadanana ao, dia hitœtra ao aminy ny fiadanana tononinareo; fa raha tsy izany, dia hiverina ho aminareo ihany izany.* <sup>7</sup>*Ary mitœra ao amin'izany trano izany, ka mihinàna sy misotroa izay zavatra omeny; fa ny mpiasa miendrika hahazo ny karamany. Aza mifindrafindra trano.* <sup>8</sup>*Ary izay tanàna iakaranareo, ka mandray anareo ny olona, dia hano izay zavatra aroso eo anoloanareo.* <sup>9</sup>*Ary sitrano izay marary ao, ka lazao amin'ny olona hœ: Efa mby akaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra.* <sup>16</sup>*Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy; ary izay mandà anareo dia mandà Ahy; ary izay mandà Ahy dia mandà Izay naniraka Ahy.* <sup>17</sup>*Ary ny fito-polo lahy niverina tamin'ny fifaliana ka nanao hœ: Tompo ô, na dia ny demonia aza dia manaiky anay noho ny anaranao.* » (Lioka 10:1-9.16-17). Izany, ry havana, no endriky ny fitaizana sy ny fanabeazana nataon'i Jesoa. Ny tanjony tamin'ny fampianarana sy famolavolana ireto mpianany ireto dia tsotra : Mba hahatonga azy ireo hanaiky Azy ho Andriamanitra, hanao tahaka an'i Jesoa, hanoy ny asany rehefa lasa miverina mankany amin'ny Rainy Izy. Azo lazaina fa tafita ny fitaizana nataon'i Jesoa tamin'izy ireo. Hoy ny fanekem-pinoana nataon-dry Tomasy taorian'ny nitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty : « *Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hœ: Tompoko sy Andriamanitro!* » (Jaona 20:28) Tonga nahaleo tena ireo mpianatra ireo taty aoriana, nandeha nitory ny Filazantsara tahaka ani' Jesoa.

## 2) SEHETRA FITAIZANA NY KRISTIANA

### Eo anivon'ny akohonana

Mazava ho azy fa ny Fiangonana protestanta no tiana horeshahina eto. Ary amin'ny maha Fiangonana Luthéro-réformée antsika dia fitaizana ao anatin'izay sehatra izay no halalinintsika. Ho an'ny Fiangonana Luthéro-réformée, ny fitaizana ataon'ny Fiangonana dia manomboka ao amin'ny ankohonana (famille). Hoy i Calvin tamina synoda frantsay iray : *«Chaque famille particulière doit être une petite Église particulière.»* (W. Monter, «La Réforme au quotidien», dans *L'aventure de la Réforme*, s. dir. P. Chaunu (Hermé, 1992). Izany hoe : ny ankohonana tsirairay manokana dia tokony ho Fiangonana kely manokana. Iza no dikan'izany, manomboka ao amin'ny ankohonana ny fanabeazan'ny Fiangonana. Manazava i Lotera fa ny ray sy ny reny no toy ny mpitondra fiavahana ao amin'ny ankohonana iray, manatanteraka ny fanabeazana kristiana. Ny mpanitsy fivavahana rehetra dia manome lanja lehibe ny fitaizana ao amin'ny ankohonana, izay iankinan'ny ho avin'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina amin'ny anakapobeny mihitsy. Araka izany izy ireo dia tena nanome lanja ny fotoam-pivavahana sy ny famakiana Baiboly isaky ny tokan-trano. Tsy latsa-danja ihany koa ny fananarana miainga amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny fitondran-tena mendrika, sns Manana anjara toerana lehibe amin'ny fanabeazana kristiana ny ray sy ny reny. Teo amin'ny fiaraha-monina Jiosy dia nana-danja tahaka izany koa ny fitaizana teo anivon'ny ankohonana. Hoy ny voalaza ao amin'ny **Deuteronomia 6,4-7** : *«<sup>4</sup>Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany.<sup>5</sup>Ary tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra.<sup>6</sup>Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao.<sup>7</sup>Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha any an-dalana, na mandry, na mifoha.»* Araka izany dia manomboka eo anivon'ny tokantrano tsirairay ny fanabeazan'ny Fiangonana. Raha eo amin'ny ankohonana no tsy misy izay fanabeazana kristiana izay dia handringa ny fitaizana hataon'ny Fiangonana any ampinagonana.

### Eo anivon'ny Sampana

Anisan'ny anankiray antom-pisian'ny sampana isan-karazany ao anaty Fiangonana koa dia ny fitaizana ny vahoak'Andriamanitra. Sehatra natao hikorokorina finoan'ny olona sy hitaizana ny arapanahiny ny ireo asa isan-karazany atao eo anivon'ny sampana. Hoy izay voalaza ao amin'ny **Jakoba 2,17** : « *Ary mba toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy.* » Misy karazana asa maro miandry any amin'ny sampana tsirairay any. Tsy izany ihany fa misy fiaraham-iafava, misy fiarahana mandinika Soratra masina. Natao ihany koa hitaizana ny vahoakan'Andriamanitra ireny zavatra atao ao anatin'ny sampana ireny.

Tsy izany ihany fa natao koa ireny sampana ireny ho sehatra hiomanana amin'ny fitoriana amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana na ny talentan'ny tsirairay. Efa tafiditra koa ao anatin'ny fitaizana izany. Izany dia ho fanampiana ny Fiangonana amin'ny iraka izay nampanaovina azy dia ny fitoriana ny Fialzantsaran'i Jesoa Kristy. Ny tenako dia miombon-kevitra amin'i John Wesley manao hoe : « *Aucune paroisse ne s'est jamais développée et ne se développera jamais si des petits groupes ne sont pas créés au sein de la congrégation.* » Manomboka any amin'ny sampana ny fitaizana ao am-piangonana ary ao amin'ny sampana no itarafana ny fandrosoan'ny Fiangonana. Raha mahomby ny fitaizana eo anivon'ny sampana dia mahomby ny fitaizana eo anivon'ny Fiangonana. Ny fitambaran'ny sampana no Fiangonana. Mora kokoa mantsy ny fitaizana any amin'ny sampana noho ny fitaizana eo anivon'ny Fiangonana manontolo. Ny sampana dia efa voatsinjara araka ny sokajintanany sy araka ny fanomezam-pahasoavany. Noho izany dia mora kokoa ny fitaizana ao, satria amin'ny ankapobeny dia mitovy filàna ireo mpikambana ao anaty sampana (Samy tia hira, samy tia manao sortie, mitovitovy taona, sns). Ankoatr'izay dia vitsy kokoa ny isan'ny mpikambana raha mitaha amin'ny Fiangonana manontolo. Mora kokoa ny fitaizana ny olona vitsy noho ny olona marobe. Any amin'ny Fiangonana maro, dia ireny sampana ireny no manao ny "mission" 'ny Fiangonana any ivelany, izany hoe mandeha mitoro ny Filazantsara any ivelany amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana ananany. Ny fitaizana azony tao anatin'ily sampana anefa no ahafahany manao izany "mission" ny Fiangonana izany. Tany Chine, ohatra, dia tamin'ny alalan'ny fisian'ireny "petits groupes de maison" ireny sy ny fitaizana natao tao anatin'ny tena nahafahan'ny Fiangonana mivelatra sy nitombo, na dia teo aza ny fanenjehana sy ny faneriterena mahazo ny krsitiana. Any Corée Atsimo sy any Afrika afovoany (Afrique central), dia ny fisian'ireny antsoina hoe "Petites cellules chrétiennes" ireny, izay miisa anetsy maro (Des centaines de milliers) no tena mamelona sy mampivelatra ny Fiangonana. Tsy misy valaka amin'izany ireo any amin'ny Europe de l'Est, izay hisian'ny fanenjehana ny Fiangonana ataon'ny régimes communistes. Misy "réseaux de petits groupes" be dia be any amin'ny Fiangonana isan-karazany ary ireny no manome aina vaovao sy



fanantenana ho an'ny Fiangonana, noho ny fitaizana atao any anatin'ireny. Tena miroborlbo tsy misy toy izany koa amin'izao fotoana izao any Etats-Unis sy Royuame-Uni, ireo "Groupes d'étude biblique, de partage et de prière, izay tena manampy be dia be ny Fiangonana amin'ny fitaizana ny vahoakan'Andriamanitra mba hitombo finoana sy hanao "mission". Hoy i John Mallison : « *Au lieu de considérer comme une activité accessoire dans un programme d'Eglise déjà surchargé, les petits groupes sont désormais perçus comme les éléments moteurs de la véritable communauté chrétienne.* » (John Mallison, **Animation et gestion des groupes dans l'Eglise**, Edition Farel, Marne-La-Valée, 2000, p. 12) Araka izany dia tena zava-dehibe ary miantoka ny fahaveloman'ny Fiangonana ny fitaizana atao any anatin'ireny sampana isam-karazany ireny.

**Fehiny** : Ao amin'ny sampana

Fitaizana ⇒ fitomboana finoana ⇒ Fanaovana mission ⇒ Fiangonana mandroso

### **Eo anivon'ny Fiangonana**

Teo anivon'ny Fiangonana voalohany (II<sup>e</sup>, III<sup>e</sup> siècle), nivory isaky ny Alahady ny kristiana mba hifampahery amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny famakiana ny mofo ho fitaizana ny finoany, mba hitomboany amin'ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny fitiavany ary ny heriny. Hoy ny voasoratra : « *Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana.* » (Asan'ny Apostoly 2:42). Ireo mpanara-dia an'i Kristy no tondroina eto ho : « *izy ireo* ». Amin'ny ankapobeny dia ireo zavatra 4 ireo no mbola nitezana ny kristiana tamin'izany fotoana izany : fampianarana, fiombonana, famakiana mofo ary fivavahana. Teo amin'ny Fiangonana voalohany, dia toerana 2 no nivavahan'ny kristiana : tao amin'ny Tempoly, rehefa Sabata (Sabotsy), tany amin'ny trano (maison), rehefa Alahady. Hoy ny voasoratra ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2, 46-47 : « *<sup>46</sup>Ary dia niray saina isan'andro izy ka nazoto nankeo ankianjan'ny tempoly ary namaky mofo tao an-trano ka nihinan-kanina tamin'ny fifaliana sy ny fahatsaram-po, <sup>47</sup>nidera an'Andriamanitra sady nahita fitia tamin'ny vahoaka rehetra. Ary ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo.* » Tamin'ny voalohany dia saika isan'andro izy ireo no nivavaka. Taty aoriana vao niova ho isaky ny Alahady. Anisan'ny trano natao toeram-pivavahana ny tranon'i Maria renin'i Jaona : « *Ary rehefa fantany tsara izany, dia nankany an-tranon'i Maria, renin'i Jaona, izay atao hæ koa Marka, izy; ary nisy olona maro niangona nivavaka tao.* » (Asan'ny Apostoly 12:12) Nanana anjara toerana lehibe tamin'ny Fiangonana

voalohany ny toriteny sy ny Fanasan'ny Tompo. Sady toriteny io no fampianarana ka izany no maha lava azy. Tena nanana faharetana tokoa ny kristiana tamin'ny fihainoana. Hoy ny voalazan'ny Soratra Masina : « *Ary tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, rehefa niangona hamaky mofo izahay, Paoly dia nitori-teny taminy, fa nikasa handeha maraina izy; dia naharitra nitori-teny mandra-paha-mamatonalina izy.* » (Asan'ny Apostoly 20:7).

**Fehiny :** Tena nitaiza ny kristiana tamin'ny alalan'ny fampianarana, ny toriteny, ny Fanasan'ny Tompo (Tenin'Andriamanitra hita maso), fivavahana sy ny fiombonana ary ny fiderana ny Fiangonana voalohany. Ary tsy gaga isika raha tena natanjaka ara-pinoana ny kirsitiana voalohany, nahavita nisedra ireo karazana fanenjehana sy fitsapana mahamay maro.

Izany indrindra, ry havana, no nahatonga ny mpanitsy fivavahana nanao ho zava-dehibe ny fampianarana ny Tenin'Andriamanitra sy ny toriteny ao am-piangonana ho fitaizana ny vahoakan'Andriamanitra. Somary namaivanin'ny Fiangonana mantsy izany nandritra ny taonjato maro, ka nahatonga ny mpanitsy fivavahana hanitsy ny Fiangonana, hanao ho zava-dehibe ny Tenin'Andriamanitra ka nahatonga ilay teny malaza hoe « SOLA SCRIPTURA » na « Seule la Parole », na « Ny Tenin'Andriamanitra irery ». Izany Tenin'Andriamanitra izany no nitezan'ny Fiangonana ny vahoakan'Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha. Io Tenin'Andriamanitra io koa no nitezan'ny Fiangonana voalohany ny kristiana. Mbola izany Tenin'Andriamanitra izany no nampianarin'ireo mpanitsy fivavahana fa hitezana ny vahoakan'Andriamanitra. Ary izany Tenin'Andriamanitra izany koa no tsy maintsy hitaizan'ny Fiangonana ankehitriny ny Vahoakan'Andriamanitra.

### 3) NY TANJON'NY FITAIZAN'NY FIANGONANA

#### 3.1. Hahalala bebe kokoa ny fahasoavan'Andriamanitra ny olona

Toy izao ny fehezan-teny ao anatin'ilay fanekena : « **Hitombo amin'ny fahalalana izao fahasoavan-dehibe raisiny avy amin'Andriamanitra izao.** » (*Afin qu'ils puissent grandir dans la connaissance de cette grâce reçue de Dieu*) Raha mitaiza ireo olona tonga ho isan'ny vahoakan'Andriamanitra ny Fiangonana, ny tanjona amin'izany fitaizana izany dia ny hahatonga ilay vita batisa hahalala bebe kokoa ny fahasoavan'Andriamanitra. Inona àry ilay fahasoavan'Andriamanitra tokony ho fantany bebe kokoa ?

Ny teny grika niandohan'izany teny izany dia : **Χάρις, ἴστος** (ή) Kharis, *litt.* « La Grâce » Ny « grâce » dia tsy inona akory fa « zava-tsoa » na fahasoavana » omena ho an'ny olona tsy mendrika hahazo izany. Ny teny frantsay mahalaza azy dia ny hoe : "la faveur imméritée". Ny zavatra na fahasoavana avy amin'Andriamanitra (la grâce de Dieu) dia nomena antsika, tsy noho fahamendrehantsika. Raha nomena zavatra iray isika noho ny fahamendrehantsika dia tsy « grâce » na fahasoavana izany fa « mérite » na fahamendrehana. Fa raha nomena zava-tsoa iray isika tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho ny fitiavan'ily mpanome hanome antsika fotsiny, dia izany no atao hoe « grâce » na « fahasoavana » (*La Grâce de Dieu ne nous est pas octroyée parce que nous sommes méritants, ce ne serait plus une grâce, ce serait un mérite. Elle ne nous est pas offerte parce que nous en sommes dignes, elle ne serait plus la grâce, elle serait la chose que Dieu nous doit*). Ny olona meloka ihany no omena « grâce » na « fahasoavana » (*Seuls les coupables peuvent être grâciés*). Sarotra amin'ny ankamaroan'ny olona no mandray izany, kanefa dia izany no izy. Mba hahazoantsika tsara izany dia ndeha horaisintsika ohatra ny vaovao lehibe iray niseho tamin'ity herinandro ity : "*Jacqueline Sauvage grâciée par François Hollande*". Izany hoe nahazo "grâce" tamin'Andriamatoa François Hollande Ramatoa Jacqueline Sauvage. Ity farany dia nitifitra ka nahafaty ny vadiny tamin'ny 2012, raha niaina ny fampijalian'ny vadiny nandritra ny taona maro. Tamin'ny volana Desambra 2015 teo izy no voaheloky ny fitsarana 10 taona an-trano maizina. Nangataka ny "grâce présidentielle" izy dia nahazo izany. Izany no atao hoe "grâce" na fahasoavana. Araka ny lalàna dia meloka izy satria namono olona, tokony higadra 10 taona antrano maizina. Saingy noho ilay "grâce" na fahasoavana avy amin'ny Filoham-pirenena izay afaka manao izany dia afaka izy, nofohanana ny saiziny. Izany no atao hoe fahasoavana. Ohatra faharoa : Lehilahy iray ao amin'ny fonja, nahazo ny fanamelohana ho faty noho ny heloka goavana vitany. Amin'ny tahotra sy ny horohoro tanteraka no hiandrasany ny andro sy ny ora hiantsoana azy hanatanterahana ny famonoana azy. Efa voaheloka izy ary miandry ny fotoana hamonoana azy. Raha eo anelanelan'izany kosa anefa no tonga tampoka ny "grâce royale" na "grâce présidentielle" dia tsy ho faty indray izy. Tsy misy valaka amin'izay, ry havana, ny toerana misy antsika. Samy mpanota avokoa isika, araka ny voasoratra hoe : « **Tsy misy marina na dia iray akory aza.** » (**Romana 3:10**). Noho izany dia miandry ny sazintsika tsirairay avy isika. Inoan ilay sazy ? « **Fa fahafatesana no tambin'ny ota.** » (**Romana 6:23**) Tonga anefa i Jesoa nanafoana izany sazy miandry antsika izany. Izy no nanefa ny sazy tokony nampiharina tamintsika, maty teo ambony hazo fijaliana. Isika kosa nahazo "grâce" na fahasoavana. Tsy mba "grâce présidentielle" na "grâce royale", fa "**grâce divine**", « **fahasoavan'Andriamanitra** ».

Araka izany, ny tanjon'ny fitaizan'ny Fiangonana dia ny hahatonga antsika hahalala bebe kokoa izany « fahasoavan'Andriamanitra », izany, dia ny namonjena antsika maimaim-poana tao amin'i Jesoa Kristy, tsy noho ny fahamendrehantsika fa noho « fahasoavan'Andriamanitra » irery.

### **3.2.Ny hahatonga ny olona hanaiky an'i Jesoa ho Tompo.**

Tanjon'ny fitaizan'ny Fiangonana koa dia ny hahatonga ny olona hanaiky an'i Jesoa ho Tompo, ary rehefa manaiky an'i Jesoa ho Tompo izy dia hanana hery handà ny asan'ny satana rehetra. Hoy ny Soratra Masina : « *Satria raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovanjena ianao.* » (**Romana 10:9**) Ny fanekena an'i Jesoa ho Tompo sy ny finoana fa velona Jesoa dia zavatra roa tsy afaka misaraka. Matoa ianao manaiky tamin'ny vavanao tahaka ani' Tomasy nilaza hoe : « *Tompoko sy Andriamanitra!* » (**Jaona 20:28**), dia satria efa nino ianao ary azonao notsapain-tanana mihitsy, tahaka an'i Tomasy koa, fa velona ny Tomponao. Ny tanjon'ny fitaizana kristiana, dia ny hahatonga ilay olona tezaina hanambara ampahibemaso, tahaka an'i Tomasy ny fanekem-pinoany : Jesoa tokoa no Tompony.

Ry havana, azo lazaina mihitsy hoe tena fototry ny maha kristiana ny fanekena an'i Jesoa ho Tompo. Miainga amin'izany ny ambiny rehetra. Izany no mahatonga ny Fiangonana hanao ho tanjona amin'ny fitezany izay hahatonga ny olona hanaiky an'i Jesoa ho Tompo. Manamafy izany ireto andinin-tsoratra Masina vitsivitsy ireto. Jesoa Kristy tenany mihitsy no nilaza hoe : « *Fa lazaiko aminareo: Na zovy na zovy no manaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia heken'ny Zanak'olona kosa izy eo anatrehan'ny anjelin'Andriamanitra.* » (**Lioka 12:8**) Manamafy izany ny Apostoly Paoly raha nanoratra ho an'ny kristiana tany Korinto manao hoe : « *Koa mampahafantatra anareo aho fa tsy misy olona ampitenenin'ny Fanahin'Andriamanitra ka manao hœ: Voaozona Jesosy; ary tsy misy mahay manaiky hœ: Jesosy no Tompo, raha tsy amin'ny Fanahy Masina.* » (**1 Korintiana 12:3**) Hoy koa ny Apostoly Jaona : « *Na iza na iza manaiky fa Zanak'Andriamanitra Jesosy, dia mitœtra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin'Andriamanitra.* » (**1 Jaona 4:15**) Izany no anisan'ny tanjona amin'ny fitaizana sy fampianarana ataon'ny Fiangonana.

### **FEHINY**

Raha tsy mahafantatra tsara ny amin'ny fahasovan'Andriamanitra ny zaza vita batisa, raha tsy tonga amin'ny fanekena an'i Jesoa Kristy ho Tompo ny zaza vita batisa, dia tsy azo eritreretina ny hananany hery handa ny asan'ny satana rehetra. Fantatsika anefa « *fa ny devoly fahavalontsika mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany.* » (1 Petera 5:8) Raha tsy manana an'i Jesoa ny olona iray dia ataony telimoka fotsiny. Hoy i Jesoa hoe : « *Indro, Izaho maniraka anareo ho tahaka ny ondry ao ampovoan'ny amboadia.* » (Matio 10:16). Tsy haharesy ny amboadia velively ny ondry. Saingy ny ondry mahafantatra tsara ny fahasovan'Andriamanitra sy manana an'i Jesoa ao am-po satria nanaiky Azy dia haharesy an'ireo amboadia ireo. Dia ho azontsika tsara amin'izay ny antony nanaovantsika ny fanekena faha 3 tamin'ny batisa manao hoe : « **Ekenareo va hanatanterahan'ny Fiangonana amin'ity zaza ity ny fitaizana rehetra araka ny Filazantsara tokony hatao aminy mba hitomboany amin'ny fahalalana izao fahasovan-dehibe raisiny avy amin'Andriamanitra izao sy hanekeny an'i Jesoa ho Tompo mba hahazoany hery handavany ny asan'ny Satana rehetra ?** »

Raim-pianakaviana iray tao amin'ny Fiangonana iray, nanan-janaka mianatra Sekoly Alahady. Indray mandeha nifamaly tamin'ny mpampianatra Sekoly Alahady sady Biraon'ny Sekoly Alahady iray izy. Henjana ny fifamaliana, noho ny hevitra tsy nitoviana. Tezitra izy dia nesoriny tsy ho mpianatra Sekoly Alahady intsony ny zanany. Ny Sekoly Alahady anefa, araka ny nazavaintsika teo aloha, dia sehatra iray hitaizan'ny Faingonana ny vita batisa rehetra. Ry ray aman-dreny, aiza ilay fanekena nataonao teo anatrehan'Andriamanitra sy ny Fiangonana hoe : « **Ekenareo va hanatanterahan'ny Fiangonana amin'ity zaza ity ny fitaizana rehetra araka ny Filazantsara tokony hatao aminy mba hitomboany amin'ny fahalalana izao fahasovan-dehibe raisiny avy amin'Andriamanitra izao sy hanekeny an'i Jesoa ho Tompo mba hahazoany hery handavany ny asan'ny Satana rehetra ?** » Namaly tsy nihambahamba ianareo ray aman-dreny hoe : ENY TOMPOKO. Tonga ny fitsapana aty aoriana, dia nivadihanao ny fanekena nataonao tamin'Andriamanitra. Ny malagasy dia manana izao fomba fiteny izao : "*Fanekena natao tamim-bazimba, ka izay mivadika aloha kely ila*". Fa ny fivadihanao ny fanekena nataonao tamin'Andriamanitra dia tsy maha kely ila fotsiny ihany (ara-panahy), fa hitondra anao ho any amin'ny fahaverezana mandrakizay. Koa aoka hanaja izany fanekena nataonao izany hatramin'ny farany ianao. Amena.

## **SOLI DEO GLORIA**

RANDRIAMANANTSOA Zozo, Mpitandrina

Nice, faha 02 Febroary 2016

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatefahizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.